# FID'actus

n°23 • Aogositra / Août 2026

HARATON'AINA
Filets de Sécurité et de Résilience




# Haraton'aina : Tohanana ireo mponina ahafahany miatrika kokoa ny fiovaovan'ny toetrandro

© FID / Jechia Rangitiana

*Investir dans les populations pour mieux faire face aux changements climatiques* 6



5

Nasehon'i Samuel, 68 taona, fa rehefa miavao ny nofon-tany dia manova tokoa ny fiainana

*À 68 ans, Samuel montre que lorsque la terre renaît, les vies se transforment*



10

Miaro ny zon'ireo mpisitraka ny rafitra fitantanana ny fitarainana

*Le mécanisme de gestion de plaintes pour garantir les droits des bénéficiaires*

## Une qualité de vie améliorée au sein des familles bénéficiaires des filets sociaux
*Fihatsaran'ny fiainam-pianakaviana an'ireo tokantrano mpisitrtaka ny Haraton'aina*

**70%**
ny tahan'ny fandehanana eny amin'ny tobim-pahasalamana sy toby fanjariantsakafo

*+70 % de taux de fréquentation des centres de santé de base et sites nutritionnels*

**+165 000** isa
ireo ankizy nentanina tamin'ny hetsika fandrani-tan-tsaina teny anivon'ny akanin-jaza

*+165 000 enfants stimulés dans les crèches mobiles et garderies*

**+1 000**
ireo toby fampianarana ireo olon-dehibe napetraka

*+ 1 000 centres d'alphabétisation des adultes mis en place*

**+ 27 900**
ireo ankohonana mpisitraka nahazo fampianarana mamaky teny sy manoratra ary mikajy

*+27 900 bénéficiaires alphabétisés*

**96%**
ny tahan'ny fitozoanan'ireo ankizy zanaky ny mpisitraka amin'ny fianarana

*Taux d'assiduité scolaire des enfants des ménages bénéficiaires à 96%*

**+ 60%**
ireo mpisitraka no nanatsara-na ny fanjariantsakafony amin'ny fampiharana ireo teknikam-pamokarana vaovao sy fanomezan-danja ny vokatra

*60 % des bénéficiaires ont amélioré leur nutrition en adoptant de nouvelles techniques de production et de valorisation des spéculations*

Mitombo ny fandraisan'-ny vehivavy anjara amin'ny fanapahan-kevi-tra eo anivon'ny tokan-tranony
**+16** isa
ny taha tao anatin'ny 2 taona niasan'ny tetikasa

*Les femmes sont davantage impliquées dans les décisions du foyer : +16 points en deux ans*

Matoan-dahatsoratra

# Miroso amin'ny fiovana miabo ny fiarahamonina

Nanomboka tamin'ny taona 2016, ankohonana malagasy, voasokajy ho narefo, maherin'ny 1,98 tapitrisa no lasa tompon'andraikitra amin'ny fampivoarana ny fiainam-pianakaviany sy ny fandrosoany. Hita mibaribary ny vokatr'izany fandraisana andraikitra izany : mihoatra ny 80%-n'ireo tokantrano mpisitraka no nanangana asa ho loharanom-bola, ary mahatratra 96% ny tahan'ny fitozoan'ireo ankizy zanaky ny mpisitraka amin'ny fianarana.

Naranty nandritra ilay hetsika tamin'ny volana jona 2026 izany fivoarana izany. Naseho nandritra ny roa andro ireo fizotran'ny asa, vokatra, fiantraikany, fiaraha-mientana, fahaiza-manao ary ny fampiasana ny haitao ara-kajy mirindra amin'ireo fandaharanasa. Afaka niaina mivantana ny zava-misy toy ny eny ifotony ireo mpitsidika tamin'ny alalan'ireo Sehatra mahasoa sy Sehatra fanatsarana famokarana izay natao dika mitovy amin'ny misy eny an-toerana.

Nizara ny fivoarany ara-toekarena ireo solontenan'ny ankohonana mpisitraka niisa ho efapolo, ho fanehoana ireo fahombiazana. Ohatra amin'izany, misy orinasa tantanana vehivavy mampiasa olona hatramin'ny 30 ankehitriny, ary efa manondrana ny asa tanany any Sina. Misy vehivavy hafa indray mamatsy fifinto (épices) sy hazan-drano maina ho an'ny orinasa lehibe mpaninjara eto an-toerana. Ireo zava-bita ireo dia manaporofo ny fampiatiana ara-toekarena maharitra sy ny fahavitan-tena tena azo antoka. Ny fiarahantsika rehetra mientana no handrafitra hoavy mendrika.

Editorial

# Vers une transformation sociale positive

Depuis 2016, plus de 1,98 million de familles malgaches, classées vulnérables, sont devenues les actrices de leur propre bien-être et de leur développement. Les impacts de cette responsabilisation sont probants : plus de 80 % des ménages bénéficiaires ont démarré des activités génératrices de revenus et le taux d'assiduité scolaire de leurs enfants s'élève à 96 %.

Cette dynamique de progrès a été exposée lors de l'événement immersif de juin 2026. Deux jours durant, les processus, résultats, impacts, synergies, compétences et la digitalisation des programmes ont été présentés au public. Des espaces immersifs, à travers des reproductions fidèles des Espaces de bien-être (Sehatra mahasoa) et des Espaces productifs (Sehatra fanatsarana famokarana), ont permis aux visiteurs d'apprécier et de vivre les réalités du terrain.

Une quarantaine de représentants des ménages acteurs-bénéficiaires y ont partagé leurs avancées économiques, illustrant des succès majeurs. A titre d'exemple, une entreprise dirigée par une femme emploie désormais jusqu'à 30 salariés, exportant leur artisanat local vers la Chine. Une autre approvisionne la centrale d'achat d'une grande enseigne de distribution nationale en épices et produits halieutiques séchés. Ces réalisations témoignent d'une inclusion économique pérenne et d'une autonomie véritablement retrouvée. Ensemble, nous construisons un avenir meilleur.

# Tapatapany

# Brèves

### Fizarana ny traikefa hampahomby kokoa ny vokatra

Nanatanteraka atrikasa fihaonana tao Mahajanga ny ekipan'ny FID manatanteraka ny *Asa Avotra Mirindra* ny 12 hatramin'ny 19 jolay lasa teo. Nandraisan'ireo birao iraisam-paritry ny FID rehetra eto Madagasikara izany fihaonana izany.
Fotoana iray nanaovana tombana sy nijerena ny paikady hanatsarana indray ny fomba fiasa io atrikasa io. Nisy ny fifampizarana traikefa hahafahana manamafy ny fahaiza-manao.Novoaboasana tao anatin'ny andro vitsivitsy ireo lohahevitra ka nahafahana nanatsara ny fomba fampitana sy fampiharana azy miaraka ain'ireo mpisitraka.

### Capitaliser les acquis pour renforcer l'impact des interventions

Du 12 au 19 juillet 2026, les équipes de mise en œuvre du programme *Asa Avotra Mirindra* ou Filets Sociaux Productifs des Directions Interrégionales et des Antennes du FID se sont réunies pour un atelier de capitalisation. Cette rencontre a mis en lumière l'importance du partage d'expériences et des bonnes pratiques afin de renforcer les compétences, d'améliorer la mise en œuvre des activités et d'harmoniser les approches sur l'ensemble du territoire. En favorisant l'apprentissage mutuel, cet atelier contribue à une intervention plus efficace au bénéfice des communautés.

### Metohy, sehatra nomerika mampifandray ireo mpamokatra amin'ny tsena

Noforonina tao anatin'ny tetikasa Haraton'aina ny vovonana nomerika « Metohy » izay manamora ny fifandraisana eo amin'ireo mpamokatra, mpisitraka ireo fandaharanasa, sy ny lalam-barotra. Ahafahan'ireo mpamokatra mampahafantatra sy manasongadina ireo vokatra ara-pambolena sy asa tanana ataony ny Metohy amin'ny maha toerana fampirantiana an-tserasera azy, sady manome ireo antontan-kevitra azo antoka mikasika ny fisian'ny vokatra, ny habetsany ary tetiandrom-pamokarana. Amin'ny alalan'ity fitaovana ity ny FID dia manohana ny famoronana fiaraha-miasa sy fifanakalozana miralanja ary manamafy ny fahavitan-tena ara-toekarenan'ireo mpamokatra, miaraka amin'ny fahafahana misokatra ho an'ny tsena iraisam-pirenena. Metohy dia azo tsidihina amin'ny alalan'ny rohy www.metohy.com.




### Metohy, une plateforme numérique pour rapprocher producteurs et marchés

Développée dans le cadre du projet Filets Sociaux de Sécurité – FSS, la plateforme « Metohy » facilite la mise en relation entre les producteurs, bénéficiaires des programmes, et les circuits commerciaux. Véritable vitrine en ligne, elle permet aux producteurs de valoriser leur produits agricoles et artisanaux, tout en offrant aux acheteurs et collaborateurs des informations fiables sur la disponibilité, les quantités et le calendrier de production. A travers cet outil le FID accompagne la création de partenariats commerciaux équitables et contribue à renforcer l'autonomie économique des producteurs, avec des opportunités pouvant s'étendre jusqu'aux marchés internationaux. Metohy est accessible via le lien www.metohy.com

### Fanombohana ny fizarana jiro mandeha amin'ny herin'ny masoandro ao anatin'ny tetikasa MAZAVA.

Notontosaina ny 12 jiona lasa teo tao Ambanisarika ny fanolorana voalohany ireo jiro mandeha amin'ny herin'ny masoandro ho an'ny tokantrano marefo 610 isa ao amin'ny faritra Androy sy Anôsy. Ity tetikasan'ny Governemanta ity dia mikendry ny fanatsarana ny fahafahana misitraka herinaratra ho an'ireo ankohonana tsy afaka mividy fitaovana ampiasana herin'ny masoandro na manjifa herinanaratra. Amin'ny alalan'ny tetikasa LEAD, famatsiam-bola avy amin'ny Banky iraisam-pirenena, ny MAZAVA dia mikendry ny hizarana jiro mandeha amin'ny herin'ny masoandro miisa 440 000 ary jirobe eny amin'ny lalana 15 000 isa ho an'ny distrika valo amin'ny faritra efatra. Ny fandaharanasa dia arindran'ny Ministeran'ny Angovo sy ny Akoranafo, tanterahin'ny FID iaraha-miasa amin'ny UNOPS.

### Distribution des premiers kits solaires dans le cadre du programme MAZAVA

Le programme a lancé le 12 juin dernier à Ambanisarika, la distribution de ses kits solaires au profit de 610 ménages vulnérables des régions Androy et Anosy. Cette initiative gouvernementale vise à améliorer l'accès à l'énergie des familles ne pouvant ni investir dans des équipements solaires ni se connecter à un fournisseur local. Avec le financement de la Banque mondiale à travers le projet LEAD, MAZAVA prévoit la distribution de 440 000 kits solaires sociaux et l'installation de 15 000 lampadaires dans huit Districts de quatre Régions. Le projet est sous la coordination du Ministère de l'Energie et des Hydrocarbures, et mis en œuvre par le FID, en collaboration avec l'UNOPS.



© FID / Ny Aina Rasoloarimanana

# Nasehon'i Samuel, 68 taona, fa rehefa miavao ny nofon-tany dia manova tokoa ny fiainana

Na teo ary ny taonany sy ny fisokajiana azy ho "tsy afaka miasa" * amin'ireo mpisitraky ny fandaharanasa *Asa Avotra Mirindra* dia navitrika hatrany i Samuel. Nanaraka ireo fampiofanana ka nampihatra izany izy ary nanajary ny taniny ho lasa loharanon'aina ho an'ny fianakaviany.

Nampihatra ireo fomba fambolena vaovao mamokatra kokoa sy miaro ny tontolo iainana miaraka amin'ny zanany izy. Anisan'izany ny fitantanana ny rano, ny fiarovana ny tany tsy ho kahon'ny riaka ary ny fanatsarana ny nofon'ny tany. Efa hita taratra eny an-tsaha ny vokatr'izany ezaka izany : voajary ny taniny, misy lakandrano fitsihina sy fanangonana rano eo ary voakarakara amin'ny fomba maharitra ny voly, ka voaaro tsara ny harena voajanahary. Mitombo tokoa ny vokatra azony. Ankehitriny, manana fototra voasarimakirana maherin'ny dimampolo i Samuel, ary mamoa be ireo hazo ireo.

Ho an'i Samuel, tsy ny tantsoroka tao anatin'ny fandaharanasa azony ihany no zava-dehibe, fa indrindra ny fahalalana azony izay nahafahany namelona indray ny taniny sy nanatsara ny fiainan'ny ankohonany. Ankehitriny, miatrika ny ho avy amim-panantenana sy amim-pahatokisana kokoa izy mianakavy.

RANDRIANIRINA Samuel,
mpisitraka *Asa Avotra Mirindra*

Fokontany Mahavanona
Kaominina Ambatofinandrahana
Distrika Ambatofinandrahana
Faritra Amoron'i mania

** Ireo olona sokajiana ho « tsy afaka miasa » dia ireo tsy afaka manao izany eny anivon'ny saha sekoly araka ny fepetra anatin'ny fandaharanasa. Izany hoe ireo olona maherin'ny 60 taona, ireo olona manana fahasembanana ary ireo vehivavy mitondra vohoka.*

## À 68 ans, Samuel montre que lorsque la terre renaît, les vies se transforment

Malgré son âge et son statut d'« inapte * » dans le cadre du programme *Asa Avotra Mirindra*, Samuel a choisi d'être pleinement actif : apprendre, mettre en pratique ses connaissances et faire de sa terre une source de vie et d'espoir.

Avec ses enfants, il applique des pratiques agricoles respectueuses de l'environnement : gestion de l'eau, protection des sols et techniques pour améliorer la fertilité. Sur ses parcelles, les changements sont visibles : des canaux de drainage et de collecte des eaux ont été aménagés, et les cultures sont entretenues selon des pratiques permettant de préserver les ressources naturelles. Grâce à ces améliorations, sa production a augmenté. Samuel possède désormais plus de cinquante citronniers avec une récolte abondante.

Pour lui, au-delà de l'appui, le programme *Asa Avotra Mirindra* lui a surtout apporté des moyens pour restaurer et valoriser ses terres ainsi qu'améliorer les conditions de vie de sa famille. Désormais, ils envisagent l'avenir avec plus de sérénité.

RANDRIANIRINA Samuel,
bénéficiaire de *Asa Avotra Mirindra*

Fokontany Mahavanona
Commune Ambatofinandrahana
District Ambatofinandrahana
Region Amoron'i mania

**Les personnes « inaptes » sont celles qui ne peuvent pas travailler au niveau des champs écoles selon les critères du programme. Il s'agit des personnes âgées de plus de 60 ans, des personnes présentant un handicap ainsi que des femmes enceintes.*

# Haraton'aina : tohanana ireo mponina mba ahafahany miatrika kokoa ny fiovaovan'ny toetrandro

*Manoloana ireo fanamamby ateraky ny fiovan'ny toetrandro, ny haraton'aina dia manohana ireo ankohonana tena marefo hanana foto-pivelomana afaka miatrika kokoa amin'ny alalan'ireo vahaolana maharitra mifanaraka amin'ny tontolo iainana.*

Ny fiantraikan'ny fikorontanan'ny toetrandro dia hita taratra amin'ny alalan'ny haintany mihalava kokoa, rivodoza mahery vaika kokoa, ny fahasimban'ny tany ary ny fitomboan'ny tsy fahampiana ara-tsakafo. Ho an'ireo ankohonana tena marefo, ireo tranga ireo dia vao mainka mampitombo ny fahasahiranana ary mamparefo amin'ny fomba maharitra ny loharanom-pivelomany.

Nanomboka tamin'ny 2016, ireo haraton'aina – amin'ny alalan'ny tetikasa Filets Sociaux de Sécurité (FSS) sy Filets de Sécurité et de Résilience (FSR) – dia nanampy fianakaviana marefo manodidina ny 2 tapitrisa mba hanorina hoavy azo antoka kokoa. Ireo fandaharanasa, *Asa Avotra Mirindra*, *Vatsin'Ankohonana* ary *Fiavota*, dia mifototra amin'ny fomba fiasa manambatra ny fanampiana ara-bola, ny tantsoroka ara-piarahamonina, ny fampiofanana teknika sy ny fanentanana ny fiaraha-monina. Eny anivon'ny "sehatra mahasoa', ny "sehatra fanatsarana famokarana" na ireo "saha sekoly", ireo tokantrano mpisitraka dia mahazo vahaolana azo ampiharina hiarovana bebe kokoa ireo foto-pivelomany : fambolena mifanaraka amin'ny tontolo iainana, fanaovana zezika natoraly, fanaovana ala vadim-boly, fiarovana ny nofon-tany sy ny rano, fambolena legioma, fambolen-kazo, fitantanana ny fako na koa ny fanomezana lanja ny zava-misy eny an-toerana.



©FID / Ny Aina Rasoloarimanana

**Ireo vokatra hita taratra eny ifotony**

Misy ny vokatra azo tsapain-tanana : manodidina ny 4 800 hektara ny velaran-tany voavoly hazo, maherin'ny 7 000 hektara no voajary amin'ny fepetra fitahirizana ny nofon-tany sy ny rano, 13 tapitrisa ireo zana-kazo novokarina ary maherin'ny 121 000 isa ireo tokantrano mirotsaka amin'ny fitantanana sy fanodinana ny fako. Ankehitriny, 60 % ny mpisitraka dia mampihatra ireo fomba fambolena mamokatra kokoa sady manaja ny tontolo iainana. Ankoatra ireo tarehimarika ireo, hita mivantana eny amin'ny andavanandrom-piainan'ireo fianakaviana ny fiovana. *"Noho ny fandaharanasa Asa Avotra Mirindra, nianatra teknikam-pambolena maro izahay : fambolena mangahazo sy legioma, fanajariana ny tany ary ny voly mananasy mba hiarovana ny nofon-tany"* , hoy i Jean Efraim, mpisitraka iray ao Namorona Manakara. I Tema Aline kosa dia afaka nampitombo ny vokatra azony noho ireo fiofanana ara-pamokarana azony tao amin'ny fandaharanasa *Fiavota*. Masomboly ovy mitentina 3 000 ar monja dia nahazoany vokatra iray gony 50 kilao, izay amidiny 150 000 ariary ary manatsara amin'ny fomba maharitra ny fidiram-bolan'ny ankohonany.

Amin'ny alalan'ny fampivoarana ny fahaizan'ireo vondrom-piarahamonina, ny famerenana amin'ny laoniny ny tontolo iainana ary ny fampiroboroboana ireo fomba fambolena mifanaraka kokoa amin'ny toe-java-misy, ny haraton'aina dia mampiseho fa ny fanohanana ireo mponina tena marefo dia mandray anjara amin'ny fanamafisana ny fahafahan'ireo faritra miatrika tranga mafy, ny fanatsarana ny fahampiana ara-tsakafo ary ny fiarovana ny tontolo iainana eto Madagasikara

# Filets sociaux : investir dans les populations pour mieux faire face aux changements climatiques

*Face aux défis climatiques, les filets de sécurité accompagnent les ménages les plus vulnérables vers des moyens d'existence plus résilients grâce à des solutions durables adaptées à leur environnement.*

Les effets du dérèglement climatique se traduisent par des sécheresses plus longues, des cyclones plus intenses, une dégradation des terres et une insécurité alimentaire croissante. Pour les ménages les plus vulnérables, ces phénomènes accentuent leur précarité et fragilisent durablement leurs ressources.

Depuis 2016, les filets sociaux - à travers les projets Filets Sociaux de Sécurité (FSS) puis Filets de Sécurité et de Résilience (FSR) - ont accompagné près de 2 millions de familles vulnérables à construire un avenir plus sûr. Les programmes, *Asa Avotra Mirindra*, *Vatsin'Ankohonana* et *Fiavota*, reposent sur une approche intégrée combinant soutien financier, accompagnement social, formations techniques et mobilisation communautaire. Au sein des "espaces de bien-être", des "espaces productifs" ou des "champs écoles", les ménages bénéficiaires découvrent des solutions concrètes pour mieux protéger leurs moyens d'existence : agroécologie, compostage, diversification des cultures, conservation des sols et de l'eau, jardins potagers, reboisement, gestion des déchets ou encore valorisation des ressources locales.

**Des initiatives qui portent leurs fruits**

Les résultats sont là : près de 4 800 hectares reboisés, plus de 7 000 hectares traités par des mesures de conservation du sol et de l'eau, 13 millions de jeunes plants produits, et plus de 121 000 ménages engagés dans la gestion et le recyclage des déchets. Aujourd'hui, 60 % des bénéficiaires adoptent des pratiques agricoles plus productives et plus respectueuses de l'environnement. Au-delà des chiffres, les changements s'observent également dans le quotidien des familles. *« Grâce au programme Asa Avotra Mirindra, nous avons appris plusieurs techniques agricoles : la culture de manioc et de légumes, l'aménagement des terrains, ainsi que la plantation d'ananas pour protéger le sol contre l'érosion. »* témoigne Jean Efrahim, un bénéficiaire à Namorona Manakara. Quant à Tema Aline, les formations agricoles du programme *Fiavota* lui ont permis d'améliorer ses rendements. Avec seulement 3 000 ariary de semences de pomme de terre, elle a récolté un sac de 50 kg, vendu à 150 000 ariary, renforçant ainsi durablement les revenus de son ménage.

En développant les compétences des communautés, en restaurant les écosystèmes et en promouvant des pratiques agricoles plus adaptées, les filets sociaux montrent que soutenir les populations les plus vulnérables contribue également à renforcer la résilience des territoires, à améliorer la sécurité alimentaire et à préserver le capital naturel de Madagascar.



©FID / Rado Rakotomanalina



### Fanontaniana 3 ho an'i ... / 3 questions à ...

# Vero RABOANARY

*Talen'ny Tetikasa EAGER / Directrice du Projet EAGER*

## Sehatra Mahasoa: « Vahana faharoa ho an'ny zatovovavy niala an-daharana tany an-tsekoly»

*Secteur porteur d'espoir : « Une deuxième chance pour les adolescentes déscolarisées »*

*Ny zana-pandaharanasa 1.2 ao amin'ny tetikasa EAGER dia mikendry ny fizakantenan'ny zatovovavy 10 hatramin'ny 17 taona, izay niala an-daharana an-tsekoly. Ny zana-pandaharanasa dia miorina amin'ny fametrahana ny « sehatra mahasoa » izay entina hamerenana fahalalana ho an'ireo zatovovavy mikasa hiverina hianatra an-tsekoly sy hampiofanana ireo zatovovay hafa ho amin'ny fampivoarana ny maha-olona sy ny fampitomboana ny fahaiza-manao eo amin'ny fiainana. Tafatafa niarahana tamin'i Vero Raboanary, Talen'ny Tetikasa.*

*La sous-composante 1.2 de EAGER accompagne vers l'autonomie les adolescentes de 10 à 17 ans déscolarisées. Elle se caractérise par la mise en place des « espaces sûrs » permettant à celles qui veulent retourner sur les bancs de l'école de rafraîchir leurs connaissances, et aux autres adolescentes de développer leurs capacités et leurs compétences de vie. Entretien avec Vero Raboanary, Directrice du Projet.*

**1. Aiza ho aiza izao ny fizotran'ny zana-pandaharanasa 1.2 ankehitriny ?**

Azontsika lazaina hoe mandroso tsara manaraka ny drafitr'asa noeritreretina ny asa rehetra. Ny dingana voalohany dia nahafahana nanao ny fifantenana ireo zatovovavy mpisitraka tamin'ireo faritra dimy nanombohana ny tetikasa: Ihorombe, Matsiatra Ambony, Menabe, Vakinankaratra, Amoron'i Mania. Ankehitriny, zatovovavy miisa 41 017 no efa mpisitraka ary efa manaraka ny tantsoroka atao eny anivon'ny sehatra mahasoa, izay misokatra sy mandray azy ireo. Ao anatin'ny dingana faharoa tanteraka isika izao, dia ny fisoratana anarana ary fifantenana any amin'ny faritra 11 iantsorohan'ny tetikasa: Analanjirofo, Androy, Anosy, Atsimo Andrefana, Atsimo Atsinanana, Atsinanana, Betsiboka, Fitovinany, Melaky, Sofia, Vatovavy.

**1. Où en est aujourd'hui l'avancement de la sous-composante 1.2 ?**

La dynamique est là, et elle tient ses promesses. Le ciblage est finalisé dans cinq régions: Ihorombe, Haute Matsiatra, Menabe, Vakinankaratra, Amoron'i Mania, avec 41 017 adolescentes déjà bénéficiaires dans des espaces sûrs opérationnels. La deuxième phase démarre, dans onze régions supplémentaires : Analanjirofo, Androy, Anosy, Atsimo Andrefana, Atsimo Atsinanana, Atsinanana, Betsiboka, Fitovinany, Melaky, Sofia et Vatovavy.

**2. Toy ny ahoana ny tantsorokin'ny tetikasa ho an'ireo zatovovavy ireo ?**

Anisan'ny laharam-pahamehana ny fanentanana atao anaty sehatra mahasoa miantefa amin'ireo Ray aman-dReny ho famerenana ireo zatovovavy any an-tsekoly satria anisan'ny tohana lehibe entin'ny tetikasa ny famerenana fahalalana na Cours de Remise À Niveau (CRAN) any amin'ny ambaratonga fototra sy ny ambaratonga faharoa, ny fampianarana mamaky teny sy manoratra hoan'ireo izay mila izany ary ny lalampiofanana teknika, izay iarahana amin'ireo ministera isan-tsokajiny. Ireo tantsoroka ireo dia manampy sy mitarika ny zatovovavy hanana safidy tsara hiatrika ny hoaviny sy ny tetikasany. Hoan'ireo izay tsy afaka na tsy te hiverina hianatra intsony dia misy hetsika izay tarihin'ireo "Zoky" eny anivon'ny sehatra mahasoa.

**2. En quoi consiste concrètement l'accompagnement du projet pour ces adolescentes ?**

La sensibilisation dans les espaces sûrs et auprès des parents, pour encourager le retour à l'école, est

une priorité : l'un des soutiens majeurs est le cours de remise à niveau (CRAN) au primaire comme au collège, l'alphabétisation et la formation technique, en partenariat avec les ministères concernés. Ces soutiens aident les adolescentes à choisir leur avenir. Pour celles qui ne peuvent pas reprendre les études, des activités menées par les « Zoky » leur sont proposées dans les espaces sûrs.

### 3. Inona ny fiovana hitanareo teo amin'ireo zatovovavy sy ireo fianakaviany rehefa misitraka ny sehatra mahasoa ary inona avy ny dingana manaraka ?

Ny mahaliana indrindra dia ny fitomboan'ny fahatokisan-tenan'ireo zatovovavy satria mahazo fahalalana tsy nampianarin'ny manodidina azy toy ny: fahatokisan-tena, fahatsapana ny hasin'ny tena, ny fahadiovana indrindra mandritra ny fadimbolana, fahasalamana, fandraisampitenena... ary mifampizara traikefa ihany izy ireo.

Manjary mahatsapa fa manana toerana sy lanjany ihany koa izy ireo ao anaty fianakaviany ary lasa mandray andraikitra ao antokantrano. Nisy reny anankiray nitantara fa lasa mahaleo tena kokoa ny zanany vavy, tsy miandry tenenina, manamboatra avy hatrany rehefa mahita zavatra simba ao antrano, ary miahy ny fahadiovany amim-pahatokisana. Nisy reny hafa iray, izay manana zanaka vavy manana fahasembanana ara-tsaina, nizara ny fahamaivanany mahatsapa fa voaaro kokoa ny zanany anaty sehatra mahasoa. Nisy ray anankiray koa nilaza fa lasa manana vina ny zanany.

Ny fidinana ifotony natao tao Ambatolampy dia niteraka hevibaovao momba ny fifamenoana eo amin'ireo mpiara-miombon'antoka. Aninsan'izany ohatra ny fananganana drafitrasa hiarahana amin'ny MEN hoan'ny fampianarana mamaky teny sy manoratra sy ny METFP hoan'ny fampiofanana ara-teknika eny anivon'ireny sekoly fiofanana ireny, ny MJS hoan'ny fahaizana mandray fanapahan-kevitra sy ny fiainana arapiaraha-monina ary ny MPS ho an'ny fiarovana ny zon'ny ankizy. Mitohy ny fisitrahana ny sehatra mahasoa ary misokatra hatrany koa ny fisoratana anarana ho an'ireo mbola te ho mpisitraka.

### 3. Quels changements observez-vous chez les adolescentes et leurs familles lorsqu'elles bénéficient de l'espace sûr et quelles sont les prochaines étapes ?

Ce qui frappe le plus, c'est la confiance en soi acquise par ces adolescentes, qui apprennent ce que leur entourage ne leur transmet pas : confiance en soi, estime de soi, hygiène menstruelle, santé, prise de parole... et elles partagent aussi leurs expériences entre elles. Elles réalisent qu'elles ont une place et une valeur en famille, et deviennent responsables à la maison. Une mère nous a raconté que sa fille répare directement dès qu'elle constate quelque chose d'abîmé, et gère son hygiène en toute confiance. Une autre, dont la fille présente un handicap mental, a partagé son soulagement de la savoir mieux protégée dans les espaces sûrs. Un père a indiqué que sa fille a désormais une vision pour son avenir.

La mission à Ambatolampy a fait naître de nouvelles idées de complémentarité entre partenaires : un plan d'action avec le Ministère de l'Education Nationale pour l'alphabetisation; avec le Ministère de l'Enseignement Technique et de la Formation Professionneelle pour la formation technique; avec le Ministère de la Jeunesse et des Sports pour la prise de décision et la vie en société; et le Ministère de la Population et des Solidarités pour la protection de l'enfant. Le déploiement des espaces sûrs se poursuit, et les inscriptions restent ouvertes.



© FID / Tahiana Harilanto Andriantsoa

# Miaro ny zon'ireo mpisitraka ny rafitra fitantanana ny fitarainana

Ho an'i RANIRINA Harisoa Sandrah laharam-pahamehana ny fampianarana ny zanany roa. Noho ny *Vatsin'ankohonana* dia afaka mandray an-tanana ny filàn'ny ankohonany izy, indrindra mikasika ny fanabeazana ny ankizy. Mazoto mandray anjara ihany koa amin'ny Sehatra Mahasoa sy ny fivorian'ny Voamami, izay manampy azy amin'ny fahavitan-tena, koa izy.

Tamin'ny volana desambra 2025 no tapaka tampoka ny fandraisany ny vatsy ara-bola. Ny Reny Mavitrika ao amin'ny vondrona misy azy no nanoro azy hanao fitarainana. Niantso ny laharana maitson'ny fandaharanasa izy satria io no fomba hainga indrindra ahafahana mametraka fitarainana. Ankoatra izay misy fomba samihafa ahafahan'ireo mpisitraka sy ny fiarahamonina mampandre ny feony ihany koa : fisy fitarainana eny anivon'ny Komity mpiahy ny mpiara-belona, vata fitarainana eny anivon'ireo biraon'ny FID, hafatra any amin'ny pejy fesiboky sy ny tranonkalan'ny FID.

Rehefa nodinihina ny fitarainan' Sandrah dia hita fa nisy olana teo amin'ny fanamarinana ny laharana finday nomeny, izay tsy maintsy misoratra aminy rehefa niroso tamin'ny fandoavam-bola amin'ny alalan'ny finday ny fandaharanasa. Rehefa nikarakara izany izy dia niverina tamin'ny laoniny ny fandraisany ny vatsy ary afaka nanohy amim-pitoniana ny fampivoarana sy ny fanatsarana ny fiainam-pianakaviany izy.

Ny tantaran'i Sandrah dia mampiseho ny maha zava-dehibe ny rafitra izay manome fahafahana ireo mpisitraka hiaro ny zony, hanatsara ny fomba fiasa ary hiantoka ny fisitrahana ny fandaharanasa araky ny rariny sy ny hitsiny.

RANIRINA Harisoa Sandrah,
mpisitraka *Vatsin'ankohonana*- fokontany Ambohidelahy - kaominina Ambohimangakely - faritra Analamanga.

# Le mécanisme de gestion de plaintes pour garantir les droits des bénéficiaires

Pour RANIRINA Harisoa Sandrah, la scolarisation de ses deux enfants est une priorité. Grâce à *Vatsin'Ankohonana* elle peut contribuer aux besoins de sa famille, notamment ceux liés à l'éducation de ses enfants. Elle participe également aux séances de bien-être et aux réunions de l'association villageoise d'épargne et de crédit qui renforcent son autonomie.

En décembre 2025, son transfert monétaire est soudainement suspendu. Inquiète, sur les conseils de la Mère Leader de son groupe, elle appelle le numéro vert du programme. Ce canal lui permet de déposer rapidement une plainte. Les bénéficiaires ainsi que l'ensemble des communautés disposent également d'autres moyens pour faire entendre leur voix : fiche de plainte auprès du Comité de Protection Sociale (CPS), boites de doléances installées dans les représentations du FID, formulaires via le site web ou la page facebook du FID




L'examen de son dossier révèle une anomalie liée à l'authentification de son numéro de téléphone, indispensable depuis le passage du paiement des transferts monétaire en mobile money. Après régularisation, son transfert a été rétabli lui permettant de poursuivre sereinement le développement du bien-être de sa famille et l'amélioration de leurs conditions de vie. Cette expérience montre combien ce mécanisme est important. Il permet aux bénéficiaires de faire valoir leurs droits, de corriger les difficultés rencontrées et de garantir un accès équitable aux prestations du programme.

RANIRINA Harisoa Sandrah – bénéficiaire de *Vatsin'ankohonana* Fokontany Ambohidelahy, - Commune Ambohimangakely, Région Analamaga –.

# Asa Vonjy Voina ao Toamasina : manohana ny fitohizan'ny fiainana ara-toekarena any an-toerana

Taorian'ny fandalovan'ny rivodoza Gezani, ny Governemanta malagasy, amin'ny alalan'ny fandaharanasa Asa Vonjy Voina, tanterahin'ny FID miaraka amin'ny famatsiam-bolan'ny Vondrona Banky Iraisam-pirenena, dia manatanteraka fandaharanasa maro ho fanohanana ireo mponina traboina sy hahafahan'ny toekarena miarina.

Anisan'izany ny fanohanana ny sehatra tsy miankina izay singa lehibe hiarovana ireo asa sy hanohanana ny fiodinan'ny raharaha ara-toekarena. Maro ireo orinasa voa mafy noho ny rivodoza tao Toamasina, izay nitarika fitsaharana asa, fahasimbana fitaovana sy fahasarotana eo amin'ny fitantanana. Ny fanohanana ara-bola ny orinasa tsy miankina dia hetsika iray natokana ho an'ireo orinasa ara-dalàna traboina. Mandrotsaka fanohanana 300 000 Ariary isam-bolana isaky ny mpiasa, mandritra ny dimy volana, any amin'ireo orinasa ny fandaharanasa mba ahafahan'izy ireo mandoa ny karaman'ireo mpiasa voatery nijanona tsy niasa. Ireo orinasa mijoro ara-dalàna, misoratra amin'ny CNaPS ary voamarina ny fisiany no voakasika ity tohana ity. Amin'izao fotoana izao, andiana orinasa 85 amin'ny 93 voafantina no efa nahazo ny fanampiana. Ireo orinasa ireo dia notsongain'ny komity teknika, ahitana ny Minisiteran'ny Indostria sy ny fampivelarana ny sehatra tsy miankina, ny Chambre de Commerce et d'Industrie de Toamasina (CCIT), ny Projet Pôle Intégré de Croissance (PIC) ary ny FID, tamin'ireo fisy sy antontan-kevitra teny anivon'ny CCIT sy ny PIC alohan'ny 10 aprily 2026.

Ity hetsika ity dia tafiditra ao anatin'ny ireo asa amin'ny ankapobeny ho fanarenana. Tsiahivina fa ny Asa Vonjy Voina dia ahitana : ireo fanampiana ara-bola sy asa tanamaro, nanadiovana ny tanana sy nanome loharanom-bola vonjimaika ho an'ireo ankohonana traboina, izay nahafan'izy ireo namaly ireo filàna fototra ; ny fanalana ireo potikazo navelan'ny rivodoza ; ny fanomezana ireo fanampin-tsakafo misy otrikaina sy masomboly ; ny fanomezana fitaovana fanarenana trano toy ny tafo fanitso sy fanarenana ireo fotodrafitrasa fototra ary ny fanohanana ireo mpanjono.



©FID / Soely Andrianary

# Asa Vonjy Voina à Toamasina : Soutenir la continuité de l'activité économique locale

À la suite du passage du cyclone Gezani, le Gouvernement malagasy, à travers le programme Asa Vonjy Voina mis en œuvre par le FID, avec le financement du Groupe de la Banque mondiale, a déployé un ensemble d'actions pour soutenir les populations sinistrées et favoriser la reprise des activités économiques.

Parmi ces interventions, l'appui au secteur privé constitue un levier important pour préserver les emplois et accompagner la reprise économique. Le cyclone avait fortement affecté de nombreuses entreprises à Toamasina, entraînant des arrêts temporaires d'activité, des pertes matérielles et des difficultés de trésorerie. L'appui monétaire au secteur privé est une mesure pour les entreprises formelles sinistrées pour maintenir les revenus des salariés en chômage technique. D'un montant de 300 000 Ariary par mois par salarié est versée, pendant cinq mois, cette aide est versée aux entreprises éligibles pour la prise en charge des salaires concernés. Les entreprises éligibles à cette intervention sont celles légalement constituées affiliée à la CNaPS et dont l'existence est également vérifiée. À ce jour, une première vague de 85 des 93 entreprises ciblées ont bénéficié des virements. Ces entreprises ont été sélectionnées par un comité technique, composé par le Ministère de l'Industrialisation et du Développement du Secteur Privé, la Chambre de Commerce et d'Industrie de Toamasina (CCIT), le Projet Pôle Intégré de Croissance (PIC) et le FID, sur la base des fiches de collecte de données déposées auprès de la CCIT et du PIC avant le 10 avril 2026.

Cette réponse s'inscrit dans une approche globale de relèvement. Rappelons que les interventions de Asa Vonjy Voina ont concerné, dès le lendemain des dégâts cycloniques : les transferts monétaires non conditionnels et les activités argent contre travail, pour assainir la ville et offrir un emploi temporaire aux familles sinistrées, pour leur permettre d'assurer leurs besoins essentiels ; l'enlèvement des débris causés par le cyclone ; la distribution de compléments nutritionnels et de semences ; la remise de kits d'habitation et la réhabilitation d'infrastructures essentielles ainsi que des mesures d'appui aux pêcheurs.

# Hita tany ho any

## Senegaly : mampiroborobo vahaolana miainga avy amin'ny fiarahamonina ny ONG Tostan

Any Senegaly, namolavola fomba fiasa mifototra amin'ny fandraisan'anjaran'ny fiarahamonina ny ONG Tostan. Tsy mifantoka amin'ny fampitana hafatra avy any ambony mankany amin'ny mponina fotsiny, fa manentana fifanakalozan-kevitra amin'ny alalan'ny fiteny eny an-toerana, amin'ny alalan'ny fifampiresahana, tantara, seho an-tsehatra, hira ary dihy. Ny vondrom-piarahamonina no mamantatra ny olana sedrainy ka mandinika ny antony mahatonga izany ary miara-mamolavola vahaolana mifanaraka amin'ny zava-misy iainany eny an-toerana. Aorian'izay dia atsangana ireo komity ny fiarahamonina hanara-maso ny fampiharana ireo hetsika sy hiantohana ny faharetan'ny fiovana. Manamora ny fandraisan'ny mponina an-tanana ireo hetsika izany fomba fiasa izany, mampitombo ny fandraisany andraikitra ary manampy amin'ny fanovana maharitra ny fihetsika sy ny fomba fanao.

Tostan
Dignité pour Tous

# Vu ailleurs



## Sénégal : Tostan mise sur les solutions portées par les communautés

Au Sénégal, l'ONG Tostan a développé une approche de développement fondée sur la participation communautaire. Plutôt que de transmettre des messages de manière descendante, elle anime des séances d'échanges en langues locales à travers le dialogue, les contes, le théâtre, les chants et les danses. Les communautés identifient elles-mêmes les difficultés qu'elles rencontrent, analysent leurs causes et construisent collectivement des solutions adaptées à leur réalité. Des comités communautaires sont ensuite mis en place afin d'assurer le suivi des actions et de pérenniser les changements. Cette approche favorise une meilleure appropriation des initiatives, renforce l'engagement des populations et contribue à faire évoluer durablement les comportements et les pratiques.

*Sources : Tostan – « How can we work in partnership with communities to improve their well-being? Tostan's Days of Community Understanding », juin 2025.*




https://www.fid.mg/foire-aux-questions/

**Inona avy ireo asa tanterahana ho an'ny Fifampitondran'ny samy olompirenena ?**

Fampahafantarana sy fanentanana mikasika ny zo sy adidin'ny olompirenena, ny fametrahana ny rafitra filan-kevitra sy ny fitarainana, eo ihany koa ny fanjohiana sy fanaovana tombana eny ifotony

**Quelles sont les activités déployées dans la GC ?**

Information et sensibilisation sur les droits et devoirs du citoyen, la mise en place des mécanismes de conseils et d'assistance, la gestion des plaintes, la mise en œuvre des séances de suivi et d'évaluation communautaire.
Sécurisation des terres : information, sensibilisation et accompagnement des propriétaires.